Fanafahana Manontolo Iray

Izaho dia karazan'ny tsy mahafantatra izay ho lazaina izao maraina izao. Nipetraka niaraka tamin-dRahalahy Egan tetsy aoriana tetsy aho, ary henoko . . . Nilaza zavatra iray Rahalahy Neville, ka nijery taty amiko. Dia nilaza tamin-dRahalahy Egan aho hoe, "Miantso ahy ve izy?"

Dia hoy izy hoe, "Miantso izy."

2 Ary noho izany dia indro aho eto ambony eto hilaza zavatra iray izao maraina izao. Nieritreritra aho, rehefa izaho . . . Ilay mitsoka rivotra etsy io, eo amin'izay misy azy ireo . . . dia misintona ny feo, toy ny hoe misintona azy hivoaka mihitsy, rehefa miteny ianareo. Toy ny hoe manaisotra an'ilay feo mihitsy ilay mitsoka rivotra.

Izaho dia nandre tena . . . fijoroana vavolombelona rehefa tao aho mba hivavaka ho an'ilay vehivavy tao amin'ny telefona. Ary ny anankiray izay nahazo an'ilay hafatra, dia nanadino nametraka ny tanànan'ilay toerana izay antsoina, avy tamin'ny vadin'i Dr. Morrison. Ary ho teneniko aminareo fotsiny izay nataoko, ho an'ny vavakareo rehetra, sy ny ahy. Nametra-tànana teo amin'ilay telefona aho, ary nanondro an'ilay nomerao, na taiza ilay izy na taiza, ary nangataka ny Fanahy Masina mba handeha any amin'ilay vehivavy. Noho izany dia mihevitra aho fa nandre an'izany Izy tahaka an'izay Hataony fotsiny raha isika no . . . Hitanareo? Dia napetrako fotsiny ilay izy. Ary mety ho izany no itiavan'ny Tompo azy. Hitanareo? Mety ho izany no tsaratsara kokoa tahaka an'izany.

3 Ary avy eo dia nandre an'ireo fijoroana vavolombelona aho raha mbola tao, an'ny olona iray nilaza fa Ranabavy Rook dia . . . Mino aho fa Rahalahy Neville no nilaza hoe izy dia efa nanana ny—ny fahavoazana ara-tsaina iray, tahaka an'izany. Ndao isika hifikitra amin'Andriamanitra ho an'izany, mahatsiaro fotsiny an'ity zavatra anankiray ity: Andriamanitra mahafantatra ny Azy Manokana. Fantany ny rehetra mikasika azy ireo.

4 Afaka mandre tsara mihitsy ve ianareo any aoriana? Raha tsy afaka ianareo, dia misy seza sasany foana eto. Afaka miova ianareo raha irianareo. Ary, ndao jerentsika, *ity* ve no fanamafisam-peo ilaina indrindra? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Tsia, tompoko."—Mpand.] Ity *eto* ity no fanamafisam-peo ilaina indrindra? Eka. Ho hitantsika raha afaka manakaiky an'ity kely fotsiny mihitsy isika. Ahoana ny amin'ny eto, Gene? Ho tena tsara izany. Ary matetika aho dia farim-peo kely fotsiny; efa nitory teny elaela kely aho. Tsaratsara kokoa ve izao? Afaka mandre an'izao tsaratsara kokoa ve ianareo?

5 Ary mahatsiaro azy ireo am-bavaka tokoa isika. Ary tianay ny manao tatitra ny fivoriana lehibe iray avy tany . . .

Mijery an-dRanabavy Rook ve aho? Nieritreritra aho fa mijery ramatoa iray eto aoriana eto izay mitovy aminy. Nieritreritra aho hoe, "Azo antoka fa tsy manao resa-poana aho eto." Mijery olona iray izay mitovy aminy aho, iry aoriana iry. Any amin'ny Hopitaly Saint Edward izy.

6 Ary noho izany, tany Cleveland, Tennessee, ary tany California ihany koa, dia nanana fivoriana lehibe izahay. Nitahy betsaka ny Tompo, ary zavatra maro no Nataony. Ary faly izahay ny amin'izany. Faly izahay fa tafaverina eto amin'ny namanay manokana, manao tatitra ny fahatsaram-panahy sy ny famindrampon'Andriamanitra. Tahaka an'izany no nataon'izy ireo ao amin'ny Baiboly.

7 Nankasitraka an-dRahalahy Neville aho, na ny vavak'i Rahalahy Beeler, toy ny ahoana no nivavahany ho an'ny olona, ary—ary nangataka fanampiana sy famindrampo. Ary raha hijery hatrany fotsiny isika, ianareo isan'andro, ny zavatra rehetra izay mandeha, dia hahita ianareo fa misy zavatra iray tena izy mikasika an'izany. Ary avy eo rehefa tonga i Rahalahy Neville ka nitondra an'ireto diakona ireto, sy ny sisa, teto ambonin'ny lampihazo teto, mba—mba hanonona an'ireo fitahian'Andriamanitra teo amin'ny—ny rakitry ny fiangonana, dia nandre azy niteny tao amin'ny fivavahany tamin'Andriamanitra aho, mikasika an'ireo lehilahy ireo, ahoana fa nifampivavaka izy ireo. Ary manao ahy ho tsara ny mandre pasitera iray izay afaka mivavaka ho an'ireo diakony, ary ireo diakona mivavaka indray ho an'ny pasitera. Rehefa mahita fiangonana iray mandeha ao anatin'ny fiaraha-miasa tahaka an'izany ianareo, eny, dia misy zavatra natao hihetsika. Tahaka an'izany no tokony haha-ao amin'ny lamina ny fiangonana. Ary manome ahy hevitra iray ho an'ny lahateny anankiray mihitsy izany. Saika hiresaka eo amin'ilay fitahiana tao Kadesy aho, sy ny fandàvana ny fandrenesana an'ilay tatitr'ireo mpisafo tany, saingy avy eo dia nanova ny hevitro aho, ho amin'ny zavatra hafa arak'izany.

8 Ary ankehitriny, mikasika ny fanasitranana, dia manana fijoroana vavolombelona kely iray fotsiny aho izay tiako homena. Nanantena ny hahita ny zanakolahy aho, Billy, iry aoriana iry, saingy izy no manana an'izany ao am-paosiny.

Ary miha-tsaratsara kokoa i Billy ato amin'ny fivoriana, noho izy taloha. Nikorontan-tsaina izy, nikorontana, ary somary niteny tamin'ny olona izy hoe, "Oh, mandehana mipetraka. Mandehana mipetraka." Hoy izy, "Izaho dia—hanome karatra fangataham-bavaka iray ho anao aho." Saingy voamariko, vao tsy ela, fa misy olona ao amin'ny fivoriana izay tsapany ho tena mampalahelo. Raha tsy manana karatra fangataham-bavaka

tavela intsony izy, amin'izay fotoana izay dia hametraka azy ireo amin'ny efitra iray izy mba hahafahako mandeha mivavaka ho azy ireo.

9 Ary zavatra toy izany no nitranga tany Chicago, tamin'ny fotoana farany. Ary tiako ny hamaky an'ilay taratasy raha miditra izy. Tsy nety nahita azy mihitsy aho. Tsy fantany fa ho tonga aho izao maraina izao, ho eto, ary—ary mila—mila an'ilay taratasy. Fa nieritreritra fotsiny an'izany aho rehefa nieritreritra an'ireo aretina betsaka. Ary indro fa tahaka an'izany ilay izy. Taratasy iray voamarina izany izay . . .

Namaky tao amin'ilay gazety aho, (izaho tsy mbola mihitsy; nilazana aho) fa nisy ireo gazety izay nitsikera an'i Oral Roberts, nohon'ny fivavahana ho an'ny vehivavy iray izay tratry ny diabeta ka maty. Ary izaho, ankehitriny, amin'ny maha-Amerikana iray, izaho—izaho dia te-hihaino an'ireo lalàna sy—sy ilay olona izay ao amin'ny fahefana. Saingy mihevitra aho fa tsy marina izany. Manontany aho raha sitrak'izy ireo ny hametraka, tao amin'ilay gazety, ny rehetra izay nivavahan'i Oral Roberts ka sitrana, izay nialan'ireo dokotera. Manontany aho, raha avadik'izy ireo indray mandeha ilay izy, hitanareo. Tsy hanao an'izany izy ireo. Ary noho izany dia mihevitra aho fa angamba ny devoly no tena nampisavoritaka azy ireo, ka, ary Andriamanitra no namela an'izany, ka tsy maintsy hamaly ny amin'izany izy ireo amin'ny Andron'ny Fitsarana. Fa mahafantatra olona an'arivony izay nivavahan'i Oral Roberts aho, izay efa teo am-pahafatesana, nefa salama izy ireo.

10 Noho izany, hitanareo, izy ireo, ratsy fanahy izy ireo mikasika an'izany. Hampiseho ny andaniny izy ireo, ilay andaniny mpitsikera, fa tsy hampiseho an'ilay andaniny hafa. Ankehitriny, natao hihazona ny besinimaro haharaka ny fisehon-javatra izay mitranga ny gazety. Noho izany dia mihevitra aho, fa raha mifampiraharaha ny olombelona, raha sitrana ny olona iray, tena sitrana, dia tokony hamoaka an'ilay lahatsoratra ny gazety rehetra eto Etazonia. Saingy tsy afaka manakarama azy ireo hanao an'izany ianareo. Tsia. Alaivo ny zavatra iray tahaka an'izany eo, fa hitsikanikany sy hihomehy an'izany izy ireo, ary handà an'izany. Nefa ankehitriny raha misy zavatra iray ho tsikeraina . . . Izany fotsiny no maneho fa vonona ho amin'ny fitsarana ity firenena ity. Marina. Ary tsy maintsy hisy ny fitsarana, ka tsy misy fomba ialàna amin'izany. Ary manangona afo fotsiny ihany eo ambonin'ny lohany izy ireo, sy ny sisa. Ary tena ny—ny . . . tsy miray, amin'ireo fitsipika! Ny gazety iray, ireo fitsipiny, dia ny—ny mampilaza amin'ny besinimaro ny zavatra rehetra tsara na ratsy, izay mitranga. Fa miala lavitra an'ireo fitsipiny izy ireo. Ary rehefa miala lavitra an'ireo fitsipiny izy ireo, amin'izay fotoana izay izy ireo—izy ireo dia tsy manompo tsara ny tanjony.

11 Ary tahaka an'izany ny amin'ny fiangonana. Rehefa miala lavitra an'ireo fitsipiny ny fiangonana, dia tsy afaka manompo tsara an'ireo olo-masina mihitsy izy. Tsy maintsy mijanona miaraka isika, tsy maintsy miray. Tsy maintsy ho fo iray sy saina iray isika. Raha tsy izany, dia tsy hanompo an'Andriamanitra na ny vahoaka mihitsy isika, raha tsy fo iray sy saina iray, mba hanohana an'ireo fitsipiky ny Baiboly sy ny sisa izay efa nolazain'Andriamanitra fa marina. Tsy maintsy manohana azy ireo foana isika.

12 Billy no nametraka tao amin'ilay efitra, tany Chicago, izy . . . Nisy olona nanatona azy, vehivavy iray niaraka tamin'ny vadiny, niaraka tamin'ny homamiadana teo amin'ny avokavony, teo am-pahafatesana. Ary ny vadiny dia tratry ny lefak'ozatra tao amin'ny seza misy kodiarana iray, ary niezaka izy ny hikarakara lehilahy anankiray izay zara raha afaka mitsangana, niaraka tamin'ny homamiadana teo amin'ny avokavony. Ary nilaza taminy i Billy, hoy izy hoe, "Izaho—miala tsiny aho, tompoko." Hoy izy, "Ho faly tokoa aho ny hanome anao karatra fangataham-bavaka iray." Dia hoy izy hoe, "Saingy izaho—tsy manana iray hafa tavela aho."

13 Dia hoy izy hoe, "Eny, eny àry, anaka." Hoy izy hoe, "Tena tsara izany." Hoy izy, "Niezaka izahay ny ho tonga teto, saingy tena sarotra ho anay ilay izy."

14 Hoy i Billy hoe, "Lazaiko aminareo izay hatao." Hoy izy, "Handeha haka an'i dada aho. Ary hitondra azy hiditra aho, dia hitondra azy hivoaka." Ary hoy izy, "Rehefa manao aho, vantany vao mandre ny Hafany ianareo," hoy izy, "amin'izay fotoana izay dia ento ny . . . na ianao sy ny vadinao, ary midira ao amin'ny efitra kely iray ao izay andalovako, ary hasaiko hivavaka ho anareo izy."

15 "Oh," hoy izy, "mahatoky izany, anaka. Tena tsara izany." Hitanareo? Izany no—toetra iray izany. Hitanareo? "Tena tsara. Mahafinaritra izany." Hitanareo?

16 Ary tamin'io hariva io, Billy, rehefa nandeha teo izy, mbola nanohitra an'izay efa nolazainy, fa nanana ny zaodahiny izy teo izay nandeha rà niaraka tamin'ny fitsiha-drà avy tao amin'ny avokavoka. Ary ny zaobaviny teo, izay nandeha rà avy tao amin'ny vavony, niaraka tamin'ny fery, ka niditra niaraka tamin'ireo ihany koa izy ireo, toy ny hoe nanampy azy ireo mba hiditra. Tsy maintsy mitandrina ianareo, hisy efitra iray manontolo feno, hitanareo. Fa rehefa avy nandalo ka nivavaka ho azy ireo, dia naharay taratasy iray izahay, tamin'ny alàlan'ny paositra, hoe sitrana tanteraka tamin'io homamiadan'ny avokavony io ilay lehilahy. Ilay vehivavy, ilay vadiny teo amin'ny seza misy kodiarana, dia nitsangana, nandeha ara-dalàna mihitsy tahaka ny naha-izy azy hatramin'izay. Ilay lehilahy niaraka tamin'ny fitsiha-

drà an'ireo—an'ireo avokavoka, nohon'ny raboka, dia salama tanteraka. Ary salama avy tamin'ireo fery ny vadiny. Efatra tamin'izy ireo no sitrana, teo no ho eo! Manontany aho raha hanaiky hanao printy an'izany ireo gazety. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Oh! Fa Andriamanitra dia mbola Andriamanitra foana. Manao an'ireo zavatra amin'ny Fombany Manokana fotsiny Izy, fantatrareo, ary tena tsara Izy. Tena faly isika ny mahafantatra fa Andriamanitra Izy.

17 Niresaka izahay indray maraina mikasika ny mpitory teny kely iray izay fantatray, izay nandehandeha taloha, nivavaka ho an'ny marary sy ny sisa. Ary nandeha izy ka nivavaka ho an'ny olona iray tao amin'ny hopitaly tany Louisville, ary aretina raboka iray, maty ilay ramatoa. Hoy ilay lehilahy kely hoe, "Eny, tsy ilaina . . . Andriamanitra tsy . . . Tsy misy Andriamanitra ao. Hihazona Ny Teniny Izy." Hoy izy, "Nanosotra azy fotsiny aho tahaka—tahaka ny nolazain'ny Baiboly. Raha tsy mihazona Ny Teniny Izy, dia tsy Andriamanitra Izy." Hoy izy, "Izany dia boky iray fotsiny."

18 Ankehitriny, ho toy izany fotsiny io raha tsy efa nahafantatra an'Andriamanitra ianareo. Ampahan'ny Soratra izany, saingy tsy ny Soratra rehetra. Izany dia eo ambonin'ny fototry ny finoan'ny isam-batan'olona. Hitanareo?

19 Ary niteny tamin'ny vadiko aho, hoy aho hoe, "Efa nisy zavatra betsaka nitranga, izay fantatro fotsiny fa misy. Tsy fantatro izay hitranga amiko amin'ny farany. Mety handeha amin'ilay làlana iray ihany aho. Raha mba manetsika ny Tànan'ny famindrampony avy amiko Andriamanitra, dia handeha amin'ilay làlana iray ihany aho. Fa raha mbola hihazona ny Tànan'ny famindrampony sy ny fitarihany eo amiko foana Izy, dia hanohy aho." Fa nanontany an'i Meda aho, hoy aho hoe, "Iza no tao amin'ilay efitra tamin'io maraina io taorian'ilay fahitana ny amiko nahita ny zanako vavy kely, Sharon?"

20 Na izany aza, indray andro, toy ny torana aho. Nipetraka teny an-dàlambe aho. Ary fantatrareo ny tantarako ny amin'ny fahitana azy, taty aoriana. Ary nijery aho, tonga teo akaikiko, ary indro tonga ny tovovavy iray teto an-dàlambe teto Jeffersonville, tena nitovy marina tokoa tamin'ilay fahitana. Tsy maintsy nanakambana ny tànako fotsiny aho. Nitovy betsaka tokoa tamin'ilay fahitana ny amin'i Sharon keliko! Vehivavy tanora iray izy tamin'izany.

21 Ary taorian'ilay fahitana tamin'io maraina io, rehefa tao amin'ny Voninahitra, izaho . . . Niteny tamiko i Hope, nametraka ny sandriny nanodidina ny soroko izy, nanao hoe, "Aza manahy ny aminay, ry Bill. Tsaratsara kokoa izahay." Niezaka hamono tena fotsiny aho. Dia hoy izy hoe, "Aza manahy. Ampanantenao aho fa tsy hanahy intsony ianao."

22 Dia hoy aho hoe, "Tsy afaka mampanantena an'izany aho, ry Hope, satria izaho—izaho—izaho dia . . . Manahy aho. Tsy vitako izany."

23 Dia nivoaka avy tao amin'ilay fahitana aho, nitsangana tao amin'ilay efitra maizina. Ary tsy fahitana iray, tsy eritreritra, fa mbola nanodidina ahy foana ny sandriny. Ary nikapokapoka ahy izy. Nieritreritra aho hoe, "Andraso iray minitra. Izao dia tsy . . . " Tsy fantatro izay niantsoana azy tamin'ireo andro ireo, fahitana iray. Nantsoiko ho tsy fahatsiarovan-tena iray izany. Hoy aho hoe, "Izao dia . . . Mbola eo foana ny sandriny." Hoy aho hoe, "Eto ve ianao, ry Hope?"

24 Hoy izy hoe, "Bill, ampanantenao aho fa tsy hanahy ny amiko sy Sharon intsony ianao." Satria, teo amin'ny faran'ny làlana aho. Efa vonona ny hamono tena aho.

Hoy aho hoe, "Mampanantena anao aho." Dia namihina ahy izy, ary nikapokapoka ahy tamin'ny tànany.

Ary avy eo aho—hoy aho hoe, "Hope, aiza ianao?" Izaho dia . . . nijaikojaiko, mandra-pihazonako rojon-jiro kely iray ary nosintoniko izany. Nihodinkodina aho, nitady nanerana ny seza rehetra, mba hahita raha nipetraka teo izy.

Andriamanitra Izy. Mbola tena Andriamanitra mihitsy Izy, androany, tahaka ny naha-izy Azy teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy rehefa niseho i Mosesy sy Elia. Mbola Andriamanitra foana Izy.

25 Mety mandalo olana maro sy fizahan-toetra isika. Tsarovy fotsiny, misy Olona Izay mahafantatra, manazava ny làlana, manao an'izany ho misy. Tsy fantatro izay ao ambadik'ilay lamban'efitra. Fa zavatra anankiray no fantatro, mihazakazaka mankany amin'ilay mariky ny antso any ambony aho, isan'andro, miezaka ny hiaina ho an'io zava-mitranga lehibe izay hiseho io indray andro any; rehefa hahita Azy aho, mifanatrika, ka hitantara an'ilay tantara hoe, "Voavonjy nohon'ny fahasoavana." Ho an'izany andro izany no iainako. Mamela an'ireo zavatra any aoriana, izay misy, te-hanohy hihazakazaka aho, manohy mandeha fotsiny.

26 Tiako ity tabernakla ity, ankehitriny raha eo amin'ny tongotrareo ianareo, tiako ianareo hanohy hihazakazaka mankany amin'ilay mariky ny antso any ambony. Na inona na inona ataonareo, mamikira miaraka, aoka ho tena antoko iray arak'izay haha-izy anareo, saingy miaraka amin'ny sandry iray mitsotra foana, hanakatra sy hahazo olon-kafa, mba hitondra azy ireo hiditra. Fa ao amin'ity Finoana izay toriantsika ankehitriny sy iadiantsika amin-kafanam-po ity, dia aza manalavitra an'Izany iray inch ianareo. Satria, raha mino ahy ho Mpanompony ianareo, dia ity no fandaharan'Andriamanitra. Tsy ho ao anatin'ny maro an'isa mihitsy izany. Ho ao anatin'ny vitsy an'isa foana izany, isan'andro dia izany ary ho isan'andro.

Fa, tsarovy, voasoratra hoe, "Aza matahotra, ry ondry vitsy; fa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny Fanjakana."

27 Ankehitriny, misy ny vondron'ny birao iray an'ny fiangonantsika, diakona, mpitantan-draharaha, mpanara-maso ny sekoly Alahady, pasitera, araka ny nametrahana ny fiangonantsika ao amin'ny lamina. Ary ianareo, ny vahoaka, no nifidy an'ireo mpiasa ireo sy io pasitera io. Mpanara-maso ambony fotsiny aho, mijery raha mandeha tsara ilay izy, ary manolo-tsaina sy ny sisa. Ianareo no anankiray izay mifidy ny pasiteranareo, ianareo no mifidy ny mpitantan-draharahanareo, ianareo no mifidy ny diakonareo, ianareo no mifidy ny birao rehetra izay misy ato amin'ity fiangonana ity; ianareo, ny vahoaka. Ary andraikitrareo ny manohana an'ireo lehilahy ireo, hitanareo, satria hanao fahadisoana izy ireo. Mety maty izy ireo. Olona fotsiny izy ireo, ary hanao fahadisoana. Fa raha manao fahadisoana iray ny Filohan'ny Etazonia, dia ho roahintsika ve izy, amin'ny maha-Filoha? Manadino ny momba an'izany isika ka manohy. Tahaka an'izany no tiantsika hanaovana ny fiangonantsika ankehitriny. Nihaino azy nivavaka aho, minitra vitsy lasa izay, ho an'ireo diakona ireo. Ary ny nandre tery aoriana tery, fijoroana vavolombelona iray, teo ambaravarana, avy amin'ireo mpitantan-draharaha, hoe ahoana fa ao amin'ny saina iray ianareo rehetra. Ankehitriny mijanòna tahaka an'izany. Ankehitriny, ianareo mambra dia tohano ireo mpitantan-draharaha ireo, ireo diakona, ary pasitera. Koa tsarovy, rehefa manao an'izany miaraka ianareo, dia tsarovy fa asan'ny devoly ny mahita fa rava izany. Ankehitriny efa izany foana ilay izy ary mbola ho izany foana. Fa tohano ireo mpiasanareo, ary izany no resaka hataoko.

28 Ary avy eo dia manana anankiray koa aho eto . . . zavatra iray ho an'ny tabilao fametahana afisy izao maraina izao, mikasika ny fivorian'ny mpiandraikitra sy ny fahefan'izy ireo. Ary ho eo amin'ny tabilao fametahana afisy izany. Ary manana dika iray ho an-dRahalahy Roberson aho, izay lehiben'ny di- . . . an'ireo mpitantan-draharaha. Ary avy eo dia manana dika iray ho an-dRahalahy Collins aho, heveriko, izay miasa ho lehiben'ny komitin'ny diakona. Ary ankehitriny, voapetraka araka ny Soratra ireo birao rehetra, ka tsy maintsy manana an'ireo fitsipika ara-tSoratra izy ireo ny amin'izay tsy maintsy hataony. Noho izany, manana asa iray azy ireo manokana ireo mpitantan-draharaha. Ary manana asa iray azy ireo manokana ireo diakona. Manana asa iray azy manokana ny mpanara-maso ny sekoly Alahady. Ary ny pasitera no lohan'ny ondry.

29 Ankehitriny, manana an'ireo zavatra iraisana ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ary heveriko fa tsy tokony hiaraka ny fivorianareo, fa tokony ho isaky ny birao izany, satria tsy manana na inona na inona ho lazaina amin'ireo mpitantan-draharaha ny diakona raha tsy hoe manana raharaha iray hatolotra

azy izy ireo. Ary mifamadika, ireo mpitantan-draharaha dia eo amin'ny ara-bola sy ireo zavatra momba ny tranobe; tsy misy idiran'izy ireo amin'ny diakona. Ny diakona no polisin'ny fiangonana, ary mpanampy ny pasitera. Ary ireo mpitantan-draharaha no mpihazona ny fananana rehetra. Tsy misy idiran'ireo mpandraharaha amin'ny lafiny ara-panahin'izany, ary tsy misy idiran'ny diakona amin'ny lafiny ara-bolan'izany. Noho izany, tsy maintsy izay ilay izy. Ary ny mpanara-maso ny sekoly Alahady dia eo amin'ny sekoly Alahadiny. Noho izany manana an'izany rehetra izany voasoratra aho, tamin'ny milina fanoratana, mba ho eo amin'ny tabilao fametahana afisy.

30 Ary avy eo dia hanana koa isika, ao amin'ny rafitra iray, ny Foto-pampianarana izay tohanan'ny fiangonana, ary manana an'Izany voarafitra eto, ato amin'ny fiangonana; izay tohanantsika, ireo—ireo fitsipika, ny Foto-pampianaran'ny fiangonana. Ankehitriny, mba ho fiangonana iray, dia tsy maintsy manana foto-pampianarana iray isika.

31 Tsy mametraka tsato-kazo mihitsy isika, ka manao hoe, "Mandeha *hatreto* fotsiny izahay." Mandeha arak'izay lavitra fotsiny isika, miaraka amin'ny fiombonana amin'ny olona rehetra, izay hamelan'Andriamanitra antsika handeha, ao amin'Ny Sorany, miaraka amin'ny olona. Ary ankehitriny miraiketa miaraka, aoka ho iray saina, iray fo, ary mandrosoa ho an'Andriamanitra. Tahaka an'izany no tian'Andriamanitra hataontsika.

Ankehitriny ndao isika hivavaka, ary hanokatra ny Teny avy eo.

32 O Tompo sarobidy, eo am-panatonana ny Teny Masina izahay ankehitriny, na ny famakiana an'ity Teny ity. Enga anie Ny Fanahinao Masina handika aminay an'izay ilainay. Ary avelao izahay hiteny, Tompo, sy hiasa ary hiaina, eo am-pahafantarana fa Zanakao izahay rehetra, nohon'ny fahasoavana, satria Ianao no niantso anay. Enga anie hisy fiombonana iray ato amin'ity fiangonana ity, eo am-pahitana fa madiva hisitrika ao amin'ny hetsika lehibe iray izahay, mahatsapa izahay, an'ny fananganana mpitoriteny hafa handeha any amin'ireo saha any, raha haniraka ahy any amin'ireo ampahany samihafa an'izao tontolo izao Ianao, hametraka ny Finoana any, ary hanana mpitoriteny iray vonona sy manaiky, sady voaofana mba hisolo. Ary enga anie ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina, izay tohananay amin-kerimpo, ho lasa faribolana iray manodidina an'izao tontolo izao. Ekeo izany, Tompo. Enga anie ity antontan'ahitra kely ity, raha nanokana an'izany ho Anao izahay indray andro, hoe enga anie hisy fiangonana iray hitsangana eto, Tompo, ka hisy mpitoriteny sy evanjelista sy mpampianatra ary misionera hivoaka avy amin'izany, ho any amin'ny ampahany rehetra an'izao tontolo izao.

33 Hangataka izahay, izao maraina izao, fitahiana manokana iray ho an'ny Rahalahinay sy Anabavinay Stricker izay mijaly ankehitriny. Fa fantatray hoe hapetraka eo amin'ireo fizahan-toetra ireo izahay rehetra. Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy faizina, zahan-toetra. Ary raha miala moramora izahay, ka mihodina, amin'izay fotoana izay dia zazasary izahay, fa tsy zanak'Andriamanitra. Omeo an-dRahalahy sy Ranabavy Stricker ny tanjaka sy hery, mba hiraiketana eo amin'ny toeran'andraikitr'izy ireo. Raha tsy maintsy hiangavy izay sakafo ho haniny izy ireo, dia aoka ny Tànam-pitahianao ho eo aminy. Satria tsy fantatray fa mety amin'ny alàlan'io tena ezaka io no Hanehoanao amin'ny teratanin'i Afrika hoe inona no tena Kristiana iray. Ekeo izany, Tompo. Ankehitriny aoka izany rehetra izany hatao araka ny Sitraponao.

34 Tahio io pasitera io, Rahalahy Neville. Mivavaka izahay, Tompo, mba Hanaovanao azy ho mpiandry ondry iray, araka ny Nataonao tamin'ny lasa. Ary izahay dia tsy hanadino ny vadiny maha-te-ho tia, kely izay tena marary. Ilay fahavalo dia te-hamela an-dRahalahy Neville miaraka amin'io vondron'ankizy io, tsy manan-dreny, saingy mitsangana izahay ary mametraka, amin'ny finoana, ny Ràn'i Jesosy Kristy eo anelanelan'ilay fahavalo sy ny anabavinay. Enga anie Ny Fanahinao, Tompo, ho lehibe eo amboniny, mahafantatra fa ny vehivavy rehetra dia voatendry handalo eo amin'io lohasaha io, an'ny aizin'ity taona ity, saingy mivavaka izahay mba Ianao no hiaraka aminy. Tahio ireo ankizy kely. Hikorontan-tsaina izy ankehitriny, ary ho feno fahasorenana, fa enga anie ho eo amin'ilay varavaran'ny famindrampo ny Fanahy Masina, amin'ny fotoana rehetra, ho an'io fianakaviana io.

35 Tahio ny komitin'ny mpitantan-draharahanay, ny Rahalahinay Wood, sy ny Rahalahinay Egan, Rahalahy Roberson, ary ireo hafa rehetra, Tompo. Ireo diakona, mpitantan-draharaha, sy ny rehetra izay miara-miasa ao amin'ny fiangonana, mivavaka izahay, Tompo, mba Hamelanao azy ireo hanompo ny fe-potoany miaraka amin'ny fahamasinana sy—sy fahamarinana. Tahio ireo, Tompo, izay efa nanompo tamin'ny fotoana lasa. Ary mivavaka izahay mba Hanohizanao homba anay rehetra, mba hahafantarana anay ho fiangonan'ny firaisana iray, sy ny Fanahy ary ny fitiavan'ny Tompo. Mivavaka izahay ankehitriny mba Hizaranao aminay ny Teny, arak'izay ilainay, raha mamaky avy ao amin'Ny Teninao voasoratra izahay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

36 Ary teo am-pivavahana, dia nieritreritra aho raha teo am-pitahiana isika na teo am-pangatahana an'ireo fitahiana ho an'ny moderinantsika . . . ny komitintsika vaovao an'ireo mpitantan-draharaha sy ny sisa, dia nieritreritra ny amin-

dRahalahintsika Fleeman sy Rahalahy Deitzman sy ireo mipetraka eto aho, izay nanompo tsara, tany aloha. Ary tiantsika ny hankasitraka an'Andriamanitra nohon'ny asan'izy ireo mahatoky. Enga anie homba azy ireo hatrany ny Tompo, mba hitahy sy hanampy azy ireo. Tiako ny hamaky alohan'ny . . . Tsarovy fotsiny ankehitriny, ny tabilao fametahana afisy sy ny sisa, ary ireo fivoriana izay ho avy.

37 Ary faly isika ny manana miaraka amintsika, izao maraina izao . . . Eny, mety hilaza an'izany tahaka an'izao aho, lehilahy iray izay efa tena sarobidy tamiko, tamin'ny fotoana lasa, ary sarobidy amiko ankehitriny, rahalahy tsara iray, Fred Sothmann, avy any . . . sy ny vadiny, avy any Saskatchewan, Canada, izay eto mba hivahiny miaraka amintsika, eto amin'ny firenentsika, mpivahiny iray; saingy ao amin'ny fiombonantsika, rahalahy malala iray, Rahalahy Fred Sothmann mipetraka etsy. Izy no mikarakara ny asam-pitoriana ho ahy rehefa tany Canada aho.

38 Ary rahalahy hafa iray izay Canadian iray ihany koa taloha, izay mpandraharaha anankiray, ary afaka manaporofo amin'izao tontolo izao fa tsy afaka manome mihoatra noho Andriamanitra ianareo. Izy sy ny sakaizany dia nanao fikambanana famatsiam-bola iray ho an'ny fanorenana toerana iray, na ho an'ny misiona vahiny iray, fikambanana iray. Ary niantso ahy ho any Oakland izy ireo, ho an'ny fivoriana iray, ary nilaza fa efa nanana ny vola izy ireo. Izy ireo no hanohana an'izany rehetra izany, tao amin'ny fikambanany.

39 Izaho sy Rahalahy Fred dia niezaka an'izany tamin'ny vola vitsivitsy izay nananan-dRahalahy Fred, izay tsy ho raisiko ho toy ny an'olon-tokana. Koa noho izany dia nanapakevitra izahay fa homenay ny vahoaka Canadian izany ka tsy hanao rakitra akory aza, saingy tsy tena nety tsara ilay izy. Nahafinaritra ireo fivoriana. Saingy satria tsy nanao rakitra izahay . . . Tsy ahoako na miteti-bidy zato lavitrisa dolara aza ilay fiangonana, mbola mandoa an'izany foana ianareo, ho an'Andriamanitra, ny manao rakitra. Ampahan'ny fanompoana izany. Ary mandroba an'izany ianareo . . . Na betsaka toy ny inona aza ny nanoherako ny vola sy ny sisa tahaka an'izany, dia hitako, fa rehefa diso ny olona iray, dia tokony hanaiky tsara ianareo fa diso, satria izaho sy Rahalahy Fred dia nahita an'izany ho tsy tsara fiafara.

40 Ary, Rahalahy Borders, rehefa nandao an-dRahalahy Fred aho ka nandeha nankany aminao tany Oakland, dia hoy aho hoe, "Aza manao an'izany ianao. Ampandalovy fotsiny ny lovia fanatazana, manaova rakitra, ary, na inona na inona ilay izy, dia avereno ao amin'ny fikambananao izany ho an'ny fivoriana hafa iray any ho any."

41 Ary talohan'ny nifaranan'ireo fotoana, dia nanatona ahy Rahalahy Border sy ireo sakaizany, ka nanao hoe, "Izay rehetra napetrakay tao amin'ny—ny fivoriana, dia efa nalaina."

42 Ary avy eo, andro vitsy lasa izay, dia nikarakara fivoriana iray izy tany San Jose, California, izay nahazoany vitsivitsy, ataoko fa fiangonana enim-polo na fitopolo tao amin'ilay lohasaha, avy amin'ireo finoana samihafa rehetra izay niaraniasa tanteraka. Nanana fivoriana iray nahafinaritra izahay, ary hiverina indray, amin'ny Novambra. Faly izahay manana anareo miaraka aminay, Rahalahy Borders sy Rahalahy Fred mipetraka iry aoriana iry. Ary vahiny aminareo rehetra angamba ireo lehilahy ireo, saingy efa rahalahy sarobidy tamiko izy ireo teny amin'ny saha, niady tamin'ny herim-po ho an'ny Finoana izay tohanantsika. Andriamanitra hitahy anareo, rahalahy. Faly izahay manana anareo izao maraina izao, ato amin'ny tabernakla kely, tranainy eto. Tsy dia tsara jerena loatra izy. Saingy misy zavatra eto, izay, fantatray fa velona eto Andriamanitra, hitanareo, noho izany dia faly izahay ny amin'izany. Ary misy ireo rahalahy sarobidy hafa, raha nanana fotoana hanononana aho, izay miaraka amintsika androany.

43 Ankehitriny dia mikasa aho ary mivavaka mba ao anatin'ny andro vitsy manaraka, raha sitraky ny Tompo, dia te-handeha aho, mahatsapa ho voatarika . . . Tsy mbola nanao an'ilay filazana aho. Ny fivoriana manaraka, any Ohio, mba hiaraka amin-dRahalahy Sullivan, ao amin'ireo toeram-pilasiana, ao anatin'ny fotoana fohy. Eo amin'ny zato maily eo fotsiny ny mankany, heveriko, Gene, zavatra tahaka an'izany. Ho dia iray mahafinaritra izany, tsy nikasa ny fakan-drivotrareo ianareo, raha manohy mitarika antsika ny Tompo. Lehilahy tena mahafinaritra, ary mankasitraka an-dRahalahy Sullivan isika, tena betsaka. Izao fotsiny . . . Izy no ben'ny tanàna. Ben'ny tanàna niala fotsiny izy, ary Kentuckian tamin'ny fanao fahiny iray fotsiny. Izay ihany no azoko lazaina mikasika azy. Rehefa nihaona taminy aho indray andro tao . . . Samy notezaina tany an-tendrombohitr'i Kentucky izahay. Hoy izy tamiko hoe, "Mbola manana ny assa-foetidanao manodidina ny tendanao foana ve ianao, ry Billy?" Ankehitriny fantatrareo hoe toy ny ahoana—toy ny ahoana ny maha-Kentucky azy. Ankehitriny ndao isika hamadika ao amin'ny . . .

Tsy hoe tsi-fanajana an'ireo rahalahiko Kentucky eto, Rahalahy Jefferies, sy ny sisa. Izaho dia Kentuckian, ihany koa, fantatrareo. Hiteny zavatra anankiray aminareo izay maha-izy antsika aho. Tsy Kentuckians isika, na tsy Amerikana ihany koa. Mpivahiny sy vahiny isika. Mitady Tanàna iray ho avy isika.

44 Ankehitriny ho an'ny famakiana iray, dia ndao isika hamaky avy ao amin'ny Bokin'ny Eksodosy, mandritry ny minitra vitsy. Maniry aho ny hamaky avy ao amin'ny toko faha-23, ka ny andininy faha-20 hatramin'ny faha-23, manontolo. Te-

haka lahateny iray aho izao maraina izao, tahaka an'izao, avy amin'izao, raha ny marina: *Fanafahana Manontolo Iray.* Ary tsy ho ela aho, hiresaka, ankehitriny raha mbola eo am-piandrasana anareo hamadika ao amin'ny Bokinareo sy ny toko.

> *Indro, izaho maniraka Anjely iray eo anoloanao, hiaro anao any an-dàlana, sy hitondra anao* ho *any amin'ny toerana izay namboariko.*
>
> *Mitandrema ny aminy, . . . mankatoava ny feony, aza mampahatezitra azy; fa tsy hamela ny fahadisoanao izy: fa ny anarako no ao aminy.*

Azoko antoka fa mahafantatra ny fiangonana hoe iza io Anjely io. "Ny Anarako no ao Aminy."

> Fa *raha ianao* no *hankatò tokoa ny feony, sy hanao izay rehetra teneniko; amin'izay fotoana izay dia* izaho no *ho fahavalon'*ireo *fahavalonao, ary rafin'*ireo *rafinao.*
>
> *Fa handeha eo alohanao ny Anjeliko, ka hitondra anao . . . any amin'ny Amorita, . . . sy Hetita, . . . Perizita, . . . Kananita, . . . Hevita, ary . . . Jebosita: ary ho fongorako ireny.*

45 Enga anie ny Tompo hitahy Ny Teniny raha miresaka mandritry ny minitra vitsy isika ankehitriny, raha mivavaka ianareo. Nieritreritra an'ity lohahevitra ity aho, hoe: *Fanafahana Manontolo Iray.*

Ny Fiangonana dia efa tao anatin'ny—tao anatin'ny vitsy an'isa. Ho izany foana Izy, ao amin'ny mambra, mandra-pahatongan'i Jesosy. Saingy miaina eo ambanin'ireo Tombontsoany nomen'Andriamanitra Izy. Raha nahafantatra fotsiny mantsy isika, hoe ity no Fiangonan'Andriamanitra velona; tsy ny Branham Tabernacle, fa ampahan'Izany fotsiny ny Branham Tabernacle. Misy tabernakla hafa tahaka an'izany manerana ny firenena.

46 Rahalahy Snelling, rahariva, dia hanana fotoan'ny batisa. Adinoko fa niteny tamiko Rahalahy Curtis mba hilaza an'izany, na niteny tamiko omaly, fa hanana an'izany. Hanana fotoan'ny batisa izy. Ary raha misy anankiray eto izay tsy natao batisa mihitsy, tsy mbola, nahoana, ho faly hanao an'izany Rahalahy Snelling, rahariva. Izany dia ny Holiness Tabernacle any Utica. Ary Rahalahy Junior Jackson, any New Albany. Fa misy fiangonana betsaka tahaka an'izany manerana ny firenena rehetra. Fa isika rehetra dia miaina, toy ny hoe, eo amin'ilay lafiny resy, mihoatra, na latsaka.

47 Nandre an-dRahalahy Neville aho nilaza izao maraina izao, iry aoriana iry, fa somary tonga tao an-tsaiko kely ilay izy, hoe ny olona dia toy ny manalavitra ny fanafahana. Ilay izy dia toy ny hoe zavatra iray, izay, efa hitan'ny olona, noho izany dia atosik'izy ireo ho any amin'ny lafiny anankiray fotsiny ilay izy

hoe, "Oh, eny, afaka manao an'izany Andriamanitra." Saingy tsy izay ilay toetra.

48 Ankehitriny, Mosesy, rehefa nantsoin'Andriamanitra izy, izy dia mpaminany manontolo, feno iray.

Rehefa maniraka lehilahy iray hanao zavatra Andriamanitra, dia mampitao feno azy miaraka amin'ny zavatra rehetra izay ilainy Izy. Raha miantso lehilahy iray ho mpitory teny Andriamanitra, dia mametraka zavatra iray ao aminy ho toriana Izy. Raha miantso azy ho mpampianatra Izy, dia mametraka zavatra iray ao aminy hampianarina Izy. Raha miantso azy ho mpaminany Izy, dia mametraka zavatra iray ao aminy Izy, mba hahita fahitana sy mba ho mpaminany iray. Mampitao feno ny Olony foana Andriamanitra.

Ary izany fotsiny no Nataony rehefa naniraka an'i Mosesy tany Egypta Izy. Nanangana azy tamin'ny fomba manokana iray Izy. Ary nampianatra azy tamin'ny fomba manokana iray Izy, ary namolavola azy Izy, sy nanao azy, ary nanamboatra azy. Rehefa avy nampanantena an'i Abrahama Izy, an-jato taonany tany aloha, hoe hanafaka ny olona Izy, tamin'izay fotoana izay Izy—Izy dia efa nanana tao an-tsaina fa hanao an'i Mosesy amin'ny fomba nanaovana an'i Mosesy Izy. Mpaminany feno iray i Mosesy. Ary amin'izay fotoana izay, amin'ny maha-mpaminany feno iray, amin'izay fotoana izay . . .

49 Tahaka anareo mihitsy, raha Kristiana iray ianareo, dia tsy manao Kristiana tapany Andriamanitra. Manao Kristiana feno Andriamanitra. Tsy manao mpitory teny tapany Andriamanitra, fa mety ho tapany ilay mpitory teny. Ary manao ny Zanany ho Kristiana Andriamanitra, saingy matetika dia Kristiana tapany izy ireo. Fa tsy fikasan'Andriamanitra ny hahatonga azy ireo ho tahaka an'izany. Ny làlan'izy ireo manokana no nifangaro tamin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainany, ary izany no manao azy ireo amin'izay maha-izy azy ireo. Tsy tian'Andriamanitra ho Kristiana tapany izy ireo, na mpitory teny tapany, manao marimaritra iraisana na eo amin'ny lafiny iray, na . . . Tiany hijoro feno eo amin'ilay elanelana izy ireo.

50 Ankehitriny, Mosesy, nanao azy ho mpaminany feno iray Andriamanitra, ho an'ny fanafahana feno iray. Ary voatolotra feno teo an-tànan'Andriamanitra i Mosesy. Izay no antony nanao azy amin'izay naha-izy azy. Tena feno izy tao amin'Andriamanitra hany ka afaka natoky azy Andriamanitra.

51 Manontany aho, izao maraina izao, amin'ny maha-Kristiana, raha mba nanolotra ny sitrapontsika manokana isika, ka nanolotra ny tenantsika tena feno ho an'Andriamanitra, hany ka afaka hatoky antsika Andriamanitra eo amin'ny toerana izay Nametrahany antsika. Manontany aho, izao maraina izao, ny amin'ny tenako, raha afaka ho tena nanolo-tena ho an'Andriamanitra aho hany ka afaka hatoky ahy Andriamanitra,

afaka hatoky an-dRahalahy Neville, afaka hatoky ny komitin'ny mpitantan-draharahantsika, ny komitin'ny diakonantsika, na ny mambran'ny fiangonantsika. Manana toerana iray isika rehetra, ary manana andraikitra iray.

52 Ny mpitoriteny dia manana toeran'andraikitra iray, mba hijoro ka hitory an'ireo harena tsy hita lany an'i Kristy, tsy manao marimaritra iraisana, raha nantsoina ho mpitory teny iray izy. Tsy hanao fanavahana zavatra iray ho an'ny olona iray izy, raha nantsoina ho mpitory teny iray.

53 Ary ny mambran'ny fiangonana, dia nantsoina ho mambran'ity vondrona iray ity izy, amin'izay fotoana izay dia tsy hanao marimaritra iraisana. Raha mino ny fiangonana fa tsy tokony hiloka isika, amin'izay fotoana izay dia tsy tokony hikasika karatra filalaovana iray mihitsy io mambra io. Tsy mino ny fisotroana isika, dia tokony hanodina ny lohany feno hiala amin'ny fisotroana izy. Raha tsy mino ny filokana isika, na ny fifohana, dia tsy tokony hikasika ny zavatra tahaka an'izany mihitsy ny mambran'ity fiangonana ity. Manome fanafahana feno Andriamanitra. Rehefa isika . . .

Hanao an'izany Izy raha manolotra ny tenantsika feno Aminy isika. Raha hametraka feno ny tenantsika eo an-Tànany isika, amin'izay fotoana izay dia afaka miaina ao anatintsika Andriamanitra. Kristy, ilay Fanantenan'ny Voninahitra, afaka mampitaratra ny Tenany avy amintsika Izy raha manala ny tenantsika amin'ilay làlana isika. Amin'izay fotoana izay dia ireo fisainantsika no Fisainany. Azonareo eritreretina ve fa nifoka sigara iray Kristy? Azonareo eritreretina ve fa nisotro Kristy, na nilalao karatra? Noho izany raha ampahan'Ny Fanahiny ny fanahinareo, dia izany no Tiany ho eo ambonin'ny fanambaranareo. Saingy ianareo no mamela ny devoly hiditra sy hifehy. Ary amin'ny fotoana rehetra, ao am-ponareo, ao ambany lalina ao, dia fantatrareo fa diso ianareo raha manao an'ireo zavatra ireo.

Ary rehefa hiresaka hanohitra an'ilay mambra hafa ny mambra iray, dia fantatrareo fa ratsy izany. Nodidiana hifampivavaka ianareo, tsy hiresaka hifanohitra, fa hifankatia. Ary raha latsaka ny olona iray, dia ndao isika hanarina azy, hanampy azy. Ankehitriny, izany no manao antsika ho—ho—ho vondron'ny mpino tafaray. Ankehitriny, rehefa tsy mankatò an'izany isika, amin'izay fotoana izay dia tsy mankatò an'Andriamanitra ary tsy mahafaly an'Andriamanitra. Ary noho izany, ny fiangonantsika, ny olontsika dia tsy afaka ho hambinina, tsy afaka mandroso ny fiangonana, izany dia satria misaraka isika, rehetra. Araka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Ny masirasira kely iray dia mahasirasira an'ilay vongana."

54 Ankehitriny, raha ny komitin'ny fiangonana, na tahaka an'ireo—ireo diakona, no ho tonga ka hilaza fa isika dia

tsy maintsy . . . mihevitra fa tokony nanorina tabernakla vaovao iray isika. Raha izany no latsa-baton'ireo diakona, ka nanontaniana ireo mpitantan-draharaha nefa tsy manana ny vola hanaovana an'izany izy ireo, amin'izay fotoana izay dia manana fandaharana fanorenana iray tahaka ny ananantsika ankehitriny izy ireo. Ary entina eo amin'ny fivorian-dehibe izany avy eo, araka ny tokony haha-izy antsika, ny fiangonana rehetra no masi-mandidy. Avy eo raha mandatsa-bato ho an'ny tabernakla vaovao ny fiangonana, amin'izay fotoana izay dia tokony hiara-hiasa miaraka isika rehetra eo amin'ny fanorenana an'io tabernakla vaovao io.

55 Am-pahatsorana, ny tenako, rehefa niresaka ny amin'ny tabernakla vaovao izy ireo, ho ahy, dia nanohitra an'ilay fisainana aho. Marina izany. Hoy aho hoe, "Tsy tabernakla vaovao loatra no tena ilaintsika. Hiala eto tsy ho ela angamba aho, satria ny Tompo . . . raha miseho izay Asehony ahy. Inona no ilantsika tabernakla vaovao iray? Tsy ananantsika ilay vola."

56 Tonga aho avy eo ary nahatsapa ny fihetseham-pon'ny fiangonana, hoe ny fiangonana, ny ankamaroany, dia toy ny hoe mila an'ilay izy. Noho izany dia inona no nataoko? Nafoiko ireo fisainako manokana ka niaraka tamin'ny fiangonana aho. Azo antoka, ndao isika hanao an'izany. Raha . . . Tahaka an'izany no anaovantsika an'ireo antsapaka, tahaka an'izany ny tamin'ny fotoan'ny Baiboly, ny fomba nanaovan'ny fiangonana latsa-bato. Ny—ny fahamasi-mandidy, ireo vondron'olona, tonga miaraka izy ireo. Ao amin'ny firaisana no misy ny tanjaka. Koa, noho izany, dia hoy aho hoe, "Izany tokoa, raha tahaka an'izany no tian'ny fiangonana, raha izany no tian'Andriamanitra, dia manana fahefana be lavitra amin'ny latsa-bato eo anivon'ny vondron'olona manontolo Izy nohon'ny Ananany amiko, satria tsy manana fijery aho hilazana fa tsy tokony hisy izany." Noho izany dia miaraka amin'ny fiangonana isika, ary mandroso miaraka amin'ny fiangonana. Ary ao ambadik'izany aho, hanao izay rehetra vitako, hitanareo, mba hanampy ny fiangonana.

57 Izany no tokony ho antony ho an'ny Kristiana rehetra sy ny olona rehetra ao amin'ny fiangonana, dia ny hampiraisantsika ny tenantsika ary hiraiketantsika miaraka. Na ho amin'ny inona na inona no anaovan'ny fiangonana latsa-bato, dia izany no tokony ho tohanantsika. Noho izany atao hoe, ohatra, te-hanova zavatra iray ao amin'ny fiangonana izy ireo. Eny, amin'izay fotoana izay, raha tian'ireo mpitantan-draharaha ny hanova, ny . . . misy olon-kafa iray te-hanova, ireo diakona, te-hanova zavatra iray izy ireo, dia tonga eo anatrehan'ny fiangonana izany, ilay fiangonana amin'izay fotoana izay miaraka. Ary raha ny—raha toy ny samihafa kely noho izay lazain'ny fiangonana manontolo ny hevitrareo eto, dia ndao isika hamoy an'ilay hevitsika, satria izany ihany no fomba tokana hahafahantsika hiray. Ary raha hanohy fotsiny amin'ny làlana izay andehananareo ankehitriny

ny fiangonana, dia aoka hiaraka hiray, Andriamanitra no . . . Tsy voafetra izany, izay Hataony, raha hiraikitra miaraka isika. Tsy maintsy miraikitra miaraka isika. Ny ho toy izany no tiantsika, tena mifameno, ary amin'izay fotoana izay dia tena feno eo an-tànan'Andriamanitra.

58 Avy eo dia tokony hanana lehilahy iray isika izay inoantsika fa mitory ny Tenin'Andriamanitra. Raha tsy manao an'izany ilay lehilahy, amin'izay fotoana izay dia makà olona iray izay manao an'izany. Tahaka an'izany no tsy maintsy hijoroantsika. Raha tsy hanohana an'izay marina ny komitin'ny mpitantan-draharaha, amin'izay fotoana izay dia andraikitrareo ny mifidy olona iray izay hanohana an'izay marina. Ary avy eo rehefa manao an'izany ianareo, dia mijanòna miaraka amin'izany. Miankina aminareo izany. Mijanòna miaraka amin'izany. Ary, ny rehetra miaraka, dia manohana Zavatra anankiray isika, Andriamanitra izany.

59 Raha manao fahadisoana ny mambra iray, aza lavina izy. Ampio izy. Atsangano izy. Mikambàna, manàna fifampihainoana. Izany no lazain'ny Soratra. Rehefa manao fahadisoana iray isika, dia ndao isika handeha eo anatrehan'Andriamanitra. Alohan'ny hahafahantsika handeha eo anatrehan'Andriamanitra, dia tsy maintsy mandeha eo anatrehan'ilay olona izay noratraintsika isika.

60 Tsy maintsy nanao an'izany mihitsy aho. Ary fantatro fa nanao ratsy aho. Nandainga aho, nanao ny vadiko handainga. Mino aho fa efa niteny taminareo mikasika an'izany, teto amin'ny fiangonana. Andro vitsivitsy izay, vao tsy ela akory, teo amin'ny enina herinandro lasa teo. Nanao ahy ho tena rovidrovitra mihitsy ireo mpisolovava, teo amin'io fanadihadiana io, hany ka zara aho raha nahafantatra izay nisy ahy. Vao tonga tany an-trano aho avy tany amin'ny birao, mba hihinana sakafo. Ary naneno ilay telefona nomerao manokana, ka nandeha hamaly an'ilay telefona i Meda. Napetrany teo ambonin'izany ny tànany, hoy izy, "Ireo mpisolovava ireo indray izany."

61 Hoy aho hoe, "Tsy afaka hahatanty hariva hafa iray aho. Ny lohako dia mahatsapa ho toy ny hoe niala. Very ny saiko, manosika ahy amin'ity làlana ity, sy itsy làlana itsy, ary ity làlana ity." Hoy aho hoe, "Tsy afaka hahatanty an'izany aho." Dia nitsambikina aho, ka hoy aho hoe, "Teneno izy ireo hoe tsy ato aho," ary nandeha tany ambadiky ny trano.

62 Rehefa niverina aho . . . Mahafantatra tsara an'ireo zavatra ireo i Meda. Nitsena ahy teo am-baravarana izy, saiky nitomany. Hoy izy hoe, "Bill, izany ve no zavatra tsara hatao?"

63 Fantatrareo hoe toy ny ahoana ianareo. Fantatro hoe ahoana aho. Hoy aho hoe, "Azo antoka. Tsy teto mihitsy aho tamin'io fotoana io." Fantatro fa nanameloka ahy ny amin'izany Andriamanitra. Hoy aho hoe, "Tsy teto mihitsy aho tamin'io fotoana io."

Hoy izy, "Fa teto ianao rehefa nanao an'ilay antso izy."

64 Nandeha nivavaka ho an'ny zazakely iray narary aho tamin'io tolak'andro io. Ary talohan'ny nialako tao an-trano, dia naneno indray ny telefona, ary nihazakazaka nankeo i Joseph kely ka nandray an'ilay telefona ary nanao hoe, "Dada, tianao ve ny hitenenako amin'izy ireo hoe tsy ato ianao?" Hitanareo ve hoe manimba toy ny ahoana ny fahotana, ho fianakaviana iray toy ny inona izany amin'ny farany?

65 Jaona Voalohany, ny toko faha-5, ary ny andininy faha-21, nanao hoe, "Raha tsy manameloka antsika ny fontsika, amin'izay fotoana izay dia manana fahatokiana an'Andriamanitra isika." Fa raha manameloka antsika ny fontsika, dia ahoana no ahafahantsika hanana fahatokiana an'Andriamanitra? Fantatsika, raha mbola manana fahotana izay tsy voaaiky foana isika, dia tsy hihaino antsika mihitsy Izy. Mahery izany, saingy, izany no—izany no—izany no, ilain'ny fiangonana izany zavatra izany.

66 Tamin'izay fotoana izay dia nanomboka nivavaka ho an'io zazakely io aho. Ary rehefa nanomboka nametraka ny tànako teo aminy aho, dia nananatra ahy ny Tompo ka nanao hoe, "Niteny lainga iray ianao. Tsy mendrika ny hivavaka ho an'io zazakely io ianao."

67 Niala tamin'ilay lehilahy aho. Hoy aho hoe, "Tompoko, andraso eto iray minitra fotsiny. Manana zavatra iray hahitsy aho."

68 Niantso an'ilay mpisolovava aho ary nandeha nankany amin'ny birao, niantso azy hiditra. Hoy aho hoe, "Jereo, tompoko, niteny lainga iray aho. Nasaiko nandainga ny vadiko. Nilaza izy fa tsy tao aho, ary nivoaka tany ambadiky ny trano aho." Ary niaiky an'izany aho ka niteny taminy mikasika an'ilay izy.

69 Nandroso izy ary nametraka ny tànany teo amin'ny soroko. Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, efa nanana fahatokiana anao foana aho, saingy manana betsaka nohon'ny hatramin'izay aho ankehitriny, lehilahy iray," hoy izy, "izay manaiky ny hanitsy ny fahadisoany."

70 Niteny taminy aho, hoy aho hoe, "Nanomboka nivavaka ho an'ny zazakely iray aho, ary nanameloka ahy fotsiny ny Tompo, tao am-poko, satria fantatro fa efa nanao ratsy aho."

71 Noho izany, ny ampitso, dia hoy ny vadiko hoe, "Ho aiza ianao?"

Hoy aho hoe, "Ho any amin'ny zohiko."

72 Dia nandeha tany amin'ny zohiko aho, ambonin'i Charlestown, izay efa nandehanako, nandritry ny taona maro. Niditra tao aho, ary nivavaka nandritr'io andro manontolo io hoe, "O Andriamanitra, aza mamela ahy hanao zavatra iray

tahaka an'izany intsony indray. Mamelà ahy Ianao, Tompo, satria rehefa nanomboka nametraka ny tànako teo amin'ny olona marary aho, mba hivavaka, tamin'izay fotoana izay dia voaheloka aho." Teo amin'ny telo ora teo ny hariva, nivoaka aho. Misy vatolampy goavana iray mipetraka any. Dia niakatra teo ambonin'io vatolampy io aho ary nijery nankany atsinanana, niaraka tamin'ny tànako nitsangana, nidera ny Tompo. Ary tena nangina mihitsy tao anatiny tao. Dia hoy aho hoe, "Tompo, raha Sitrakao fotsiny . . . Indray andro dia nandalo teo akaikin'i Mosesy Ianao, ary nilaza izy fa izany no . . . rehefa Nataonao tao an-tsefatsefak'ilay vatolampy izy, dia toy ny ampahandamosin-dehilahy iray ilay izy." Hoy aho hoe, "Azonao atao indray ve izany, Tompo? Aoka ho fantatro fa voavela aho." Dia hoy aho hoe, "Raha hanampy ahy Ianao ka ho tonga ao antsaiko . . . " Hoy aho hoe, "Tompo, tsy tena matanjaka aho, aratsaina, satria tsy manana fianarana." Hoy aho hoe, "Ary izaho—miezaka manompo Anao aho. Fantatrao ny foko, ary izaho tsy . . . Tsy tokony nanao an'izany aho. Tsy te-hanao an'izany aho. Nahatsapa ho toy ny niala ny lohako, tena nikorontantsaina aho, ary nanao an'izany tao anatin'ny fandriky ny fotoana iray rehefa tratran'i Satana." Hoy aho hoe, "Raha mamela ahy Ianao, dia avelao aho hahita Anao, amin'izay fotoana izay, Tompo."

73 Andriamanitra no Mpitsarako; teo anilako teo mihitsy, toerana kely iray tao anatin'ireo kirihitra no nisy nanomboka nihodinkodina tahaka ny Rivotra iray, ary tonga avy hatrany teo amin'ny ilan'ilay zohy izay nisy ahy Izany, ary nandeha nankany amin'ireo hazo. Oh, rahalahy, fiadanana iray izay mihoatra ny fahalalana rehetra no nanenika ahy, ka niantsoantso aho. Nitomany aho. Nihiakiaka aho. Fantatro fa navela tamiko ireo fahotako. Hitanareo, nisaraka tamin'Andriamanitra aho, tsy afaka nahazo fanafahana ho an'ilay zazakely.

74 Izaho . . . Ary ny ampitso mihitsy dia nisy lehilahy iray avy any Chicago, izay lehilahy malaza anankiray, Katolika iray vao avy niova fo, nivonto tahaka ny kodiarana nabontsina iray ny làlan-drivotry ny fony, ary efa niezaka nandidy azy hatramin'ny ela izy ireo, handidy, fa tsy navelany. Farany dia nahita fihaonana iray izy. Tao amin'ireo fihaonana ireo, dia nijanona tsara tamin'izany izahay mandra-pahitanay hoe inona no tsy mety. Ary vao niditra fotsiny ilay lehilahy, dia nandeha nanerana ny fiainany ny Fanahy Masina ka namoaka ny zavatra izay nataony rehefa zazalahin'ny alitara iray izy tao amin'ilay fiangonana Katolika. Hoy izy hoe, "Izany no fahamarinana. Izany no fahamarinana mahitsy fo." Hoy izy, "Tianao ho lazaina ve fa izany no nanohitra ahy?"

Hoy aho hoe, "Izany ihany no aloka tokana izay azoko jerena ao amin'ny fiainanao."

75 Niverina izy ka niteny tamin'ilay dokotera, nanao hoe, "Eny àry, omàny miaraka ireo zavatra ankehitriny, hanao an'ilay fandidiana isika."

76 Hoy ilay dokotera hoe, "Ho hamarinintsika indray io mpidobodoboka antitra io." Ary rehefa nijery ny tao anatin'izany izy, dia hoy izy hoe, "Tsy mila an'ilay fandidiana ianao." Hitanareo?

77 Raha manameloka antsika ny fontsika, dia mila fanafahana feno isika. Tsy te-ho tapany isika, ry fiangonana. Te-ho tena fiangonana iray isika na tsy fiangonana mihitsy. Te-ho tena Kristiana isika na tsy Kristiana mihitsy. Mila fanafahana manontolo amin'ireo fahazarantsika isika, amin'ireo fahotantsika, amin'ireo fisainantsika ratsy, amin'ireo fanaontsika ratsy, amin'ireo tsirambintsika, na inona na inona nataontsika. Mila fanafahana manontolo isika, mba rehefa miditra amin'ity fiangonana ity ny olona, hivavahana, dia hisy an'ity vondrona kely ity fotsiny (angamba tsy mihoatra ny zato, na roan-jato) mipetraka eto, fa ho eo an-tànan'Andriamanitra tanteraka izy ireo. Ary rehefa mivavaka isika, amin'izay fotoana izay dia hihaino avy any An-danitra Andriamanitra. Mila olona iray izay Azony hazonina eo an-Tànany Andriamanitra, olona iray izay Azony hilazana hoe, "Manana fahatokiana aminy Aho. Afaka mandefa an'io Aho, ny Mpanompoko marary, any amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, ary iray saina io vondron'olona io." Hisy zavatra hitranga.

78 Eny, jereo izay Ataony ho antsika ao amin'ny toerana izay misy antsika. Inona no Hataony raha iray fo sy iray saina isika? Ny fomba tokana ahafahantsika manao an'izany, dia ny mampitambatra ny fontsika miaraka amin'ny fitiavan'ny mpirahalahy, mankatò an'ireo mpiasan'ny fiangonana, sy ny pasitera, ary ny pasitera mankatò an'Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay dia miasa amin'ny alàlan'ilay pasitera Andriamanitra, amin'ny alàlan'ilay komity, hatramin'ny fiangonana, ary ny rehetra miaraka no firaisana iray ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay dia hihaino Andriamanitra, rehefa manana vondrona iray miray isika. Aza mamela na inona na inona hanelingelina anareo. Aza ketraka na amin'inona na inona.

79 Ankehitriny, izany no karazan'olona iray izay notendren'Andriamanitra haka an'ilay tany. Mosesy dia feno, lehilahy iray izay tsy nanao marimaritra iraisana izy. Raha nisy fiahiahiana sy fifamaliana teo, sy ny sisa, dia tsy nanao marimaritra iraisana izy. Izany no ilain'Andriamanitra amintsika ankehitriny.

80 Te-hanaiky i Farao, nanao hoe, "Ry Mosesy, afaka mandeha ianareo rehetra, ary, saingy, avelao any aoriana ireo zanakareo, na avelao eto ny sasany amin'ny biby fiompinareo."

81 Tahaka an'izany no tian'ny devoly hanatonan'ny Kristiana iray. "Ho mety tsara ho anareo ny mikambana amin'ny fiangonana, saingy aza mamela an'i Jones mihitsy ianareo. Ho mety tsara raha afaka ianareo ny hitondra ao ny... afaka mandeha ianareo...Tsy mila miala amin'ny fifohanareo ianareo, ny fisotronareo, ny fandainganareo, ny fangalaranareo, ny fitsikeranareo, ny fifandrafianareo. Tsy mila miala amin'izany ianareo. Mikambàna fotsiny amin'ny fiangonana."

82 Fa tsy mpanao marimaritra iraisana iray i Mosesy. Nila fanafahana feno izy. Hoy izy hoe, "Tsy hamela hoho anankiray any aoriana izahay. Ho entinay ny zavatra rehetra izay anay, rehefa handeha hanompo ny Tompo izahay."

83 Tahaka an'izany no tokony hataon'ny fiangonana. "Ho entinay ny fahamarinana. Ho entinay ny fahamasinana. Ho entinay ny Fanahy Masina. Ho entinay ny vondrona iray miray rehefa handeha eny amin'ny alitara izahay. Ho tena vondrona iray izahay. Tsy hamela na inona na inona any aoriana izahay. Ho entinay ny zavatra rehetra. Tsy hisy hoho anankiray hijanona eto." Fantatrareo, fa afaka mivavaka amin'ny fomba iray tahaka an'izany ny olona hany ka tsy maintsy hiala ny devoly.

84 Tahaka an'izany no nataon'i Mosesy sy ny vondrony. Tonga teo izy ireo ary nandeha teo ambanin'ny Rà. Voamarikareo, mandra-pahatongan'izy ireo teo ambanin'ny Rà, dia tsy nisy fanafahana manontolo teo. Mosesy, izy tenany, niray tamin'Andriamanitra izy, fa Isiraely tsy niray. Mbola nisy ota teo. Ary nimonomonona nanohitra an'i Mosesy izy ireo, ka hoy izy ireo hoe, "Nahoana, nahoana ianao no manao an'izao? Mitondra olana betsaka eo aminay ianao." Satria, nampitomboin'i Farao avo roa heny ny habetsahan'ny birikin'izy ireo, sy ny sisa. Izany i Mosesy; teo an-tànan'Andriamanitra feno izy, afaka manontolo tamin'ny fiandrasan'ondry, mba hiandry ny ondrin'Andriamanitra. Afaka manontolo izy, izy tenany. Fa ny vahoaka no tsy afaka, satria mbola nisy fimonomononana teo anivon'izy ireo.

85 Indray hariva rehefa nandidy Andriamanitra hoe tsy maintsy vonoina ny zanak'ondry iray, tandindon'i Kristy, ary nalòna tao anaty hysopa ilay rà, izay, ahitra fotsiny (tsotra, manetry tena), ka apetaka eo ambonin'ny tolanam-baravarana sy eo amin'ireo andry, tamin'izay Isiraely vao lasa afaka feno, tsy nisy hoho iray tavela tany aoriana. Afaka izay rehetra azy ireo. Ny ankohonany, ireo malalany, sy ny zavatra rehetra dia afaka rehefa tonga tanteraka teo ambanin'ilay rà izy ireo.

86 Amin'izay vao ho afaka tanteraka ny fiangonana, rehefa tonga eo ambanin'ny Rà ny zavatra rehetra. Rehefa tonga eo ambanin'ny Rà ny fahotanareo, rehefa ny fifohanareo, rehefa ny filokanareo, rehefa ny fisandohanareo, rehefa ny fangalaranareo, rehefa ny fandainganareo, rehefa entina eo

ambanin'ny Rà ny zavatra rehetra, amin'izay fotoana izay dia hisy fanafahana manontolo iray. Raha nanao ratsy tamin'ny olona iray ianareo, ahitsiho izany. Tsy afaka mitondra an'izany eo ambanin'ny Rà ianareo, tsy hijanona izany. Tsy afaka mitondra an'izany ianareo. Misy zavatra iray tsy hamela anareo hanao an'izany. Rehefa ny izahonareo no entina tanteraka, manontolo eo ambanin'ny Rà, dia hisy fanafahana manontolo iray; amin'izay fotoana izay dia hahazo fahafahana iray izay tsy nanananareo mihitsy tany aloha ianareo. Rehefa entina eo ambanin'ny Rà ny zavatra rehetra, entina amin'ny fanekena ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia hisy ny tena fahafahana iray.

87 Jesosy dia olona tanteraka, manontolo. Afaka nitomany tahaka ny olona iray Izy. Afaka nihinana tahaka ny olona iray Izy. Afaka ny ho reraka tahaka ny olona iray Izy. Izy dia olona tanteraka, manontolo, tao amin'ny Tenany ara-batana. Ary tao amin'Ny Fanahiny, Izy dia Andriamanitra tanteraka, manontolo, noho izany dia afaka nanao ny Nofony hanaiky ny Fanahy izay tao Aminy Izy. Hitanareo, nalaim-panahy tamin'ny fanao rehetra tahaka antsika Izy. Olona Izy, fa tsy Anjely iray. Olona iray Izy. Nanana faniriana sy fakam-panahy Izy, tahaka ny ananantsika mihitsy. Ny Baiboly no nilaza fa nanana Izy. Olona iray Izy, fa tsy Anjely iray any ambonin'ny fakam-panahy. Hoy ny Hebreo 1, hoe, "Izy dia . . . " Hoy ny Hebreo 1:4 hoe, "Natao ambanimbany kokoa nohon'ny Anjely Izy." Olona Izy, olona tanteraka; ka naka olona feno iray Andriamanitra, mba hitondra fanafahana manontolo, ary Nofenoiny Ny Fanahiny Izy. Tao Aminy ny Fanahy Masina, tsy nisy fatrany. Ary nalaim-panahy tahaka antsika Izy. Ary Andriamanitra tanteraka Izy. Noporofoiny izany rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, rehefa nanajanona ny natiora Izy, ireo fieron'ny ranomasina sy ny rivotra mahery. Rehefa niteny tamin'ireo hazo Izy, sy ny sisa, dia nankatò Azy izy ireo. Andriamanitra Izy, tao anatiny. Ary afaka ny ho olona Izy, satria olona Izy, saingy nanolotra ny Tenany manontolo sy tanteraka Izy (tahaka ny olona iray) teo an-tànan'Andriamanitra, ho an'ny asan'Andriamanitra.

88 Ary Izy no ohatra ho antsika. Lehilahy sy vehivavy isika. Kristiana ihany koa isika. Raha Izy no ohatra ho antsika, dia ndao isika hanolotra tanteraka ny tenantsika ho eo an-tànan'ny Fanahy Masina, mba hahatonga antsika ho vahoakan'ny Fanjakan'Andriamanitra.

89 Olona manontolo Izy; Andriamanitra manontolo Izy. Saingy nanolotra ny Ampahany ara-nofo Izy ho an'Ny. . .sy ny Ampahany ara-batana, sy ny Fisainany manokana, sy ny Fanaony manokana, ary ny Fiahiany manokana, ka, "Manao izay mahafaly ny Ray fotsiny ihany Aho." Eo ianareo izao. Afaka manontolo tamin'ny maha-olombelona. Nanatona Azy ireo mpisorona, ireo lehilahy malaza, ka nanao hoe, "Raby,

izao-sy-izao," ary nanandrana ny hanolikoly Azy ho ao amin'ny fikambanany sy ny anaram-piangonany. Saingy afaka manontolo Izy satria natoky an'Andriamanitra Izy.

90 Tsy nilaza ve ny mpanao Salamo hoe, "Ianao no hanafaka Azy, satria natoky Ahy tanteraka Izy"? Hitanareo? "Izaho no hanafaka Ny Malalako amin'ny alika, satria natoky Ahy Izy."

91 Amin'ny ora sasany rehefa tonga eo amin'ny faran'ny dian'ny fiainana isika, tiako ho an'ny ahy izany. Fantatro fa tianareo ho an'ny anareo izany. Tiako Izy hilaza hoe, "Hanafaka azy amin'ireo valanoranon'ny fahafatesana Aho, satria natoky Ahy izy. Hanafaka azy amin'ny fasana Aho, amin'ilay marainan'ny fitsanganana, hanafaka azy manontolo, na ny aina, vatana, ary Fanahy, satria natoky Ahy izy."

92 Feno ireo asa rehetra an'i Jesosy. Ny zavatra rehetra dia feno, manontolo, afaka. Nanafaka manontolo an'ilay boka tamin'ny habokana Izy. Nanafaka manontolo an'ilay vehivavy niaraka tamin'ny fitsiha-drà Izy, tamin'ny fitsiha-dràny. Nanafaka manontolo an'izao tontolo izao tamin'ny fahotana Izy, rehefa maty tamin'ny andro fanaovam-panavotana Izy. Nanafaka manontolo ny fahotana rehetra Izy. Nanafaka ny Fiangonana Izy. Noho izany dia tsy ilaintsika ny ho olona miaina, eo ambanin'ny tombontsoa. Tsy ilaintsika ny hiaina ao amin'ny toeran'ny resy, satria Izy no nandresy ny devoly ka naka ny fanapahana sy ny fahefana rehetra, ary nampanaiky azy ireo teo ambanin'ny Tongony, ary tsy manana zò ara-dalàna hanapaka anareo izy ireo. Kristiana isika, feno ny Fanahy Masina. Isika tsy mila han-. . . tsy mila ny devoly handidy antsika. Kristy no nanafaka antsika, fanafahana manontolo; nanafaka antsika tamin'ny ratsy, nanafaka antsika tamin'ny fahotana, nanafaka antsika tamin'ny fahazarana, nanafaka antsika tamin'ny firesahana, nanafaka antsika tamin'ny—tamin'ny teniteny foana, nanafaka antsika tamin'ny karazan-javatra maloto rehetra. Nanafaka antsika manontolo Izy ary nametraka antsika teo amin'ireo Tànany masina; fanafahana feno iray, manontolo.

93 Nanafaka ny aretintsika Izy. Nanafaka antsika tamin'ny aretina Izy, satria manana fanamarinana tsy azo lavina ho an'izany isika. Haleloia! "Fa Izy dia voalefona nohon'ny helotsika, tamin'ny Dian-kapony no nanasitranana antsika." Izy no Mpanasitrana antsika. Izany no anton'ilay vehivavy mahantra, kely, tratry ny lefak'ozatra, niezaka hikarakara vady iray teo am-pahafatesana nohon'ny homamiadana, niditra teo amin'ireo faritry ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Nanana finoana izy. Ary izy. . . Nanao izay rehetra azony natao ireo dokotera, noho izany dia nanaraka an'ireo toro-hevitr'Andriamanitra izy ary afaka manontolo.

94 Nanana fanafahana manontolo ireo mpianatra, fanafahana manontolo tanteraka. Nahoana? Satria feno tanteraka sy manontolo ny Fanahy Masina izy ireo. Rehefa ianareo, no mambram-piangonana iray fotsiny ka mandray ny tànan'ilay pasitera, na iray. . .nanana karazana fahatsapana kely iray an'ny fitsambikinana, fikiakiahana, na fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, na zavatra hafa iray; nefa mbola manana lolom-po ao am-ponareo, fihetsika hafahafa, miteny lainga, mifoka sigara, mitsiriritra vehivavy; misy zavatra izay mbola tsy nitranga tao. Misy zavatra tsy mety ao. "Fa izay tia an'izao tontolo izao, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao aminy ny fitiavana an'Andriamanitra." Diso làlana ianareo. "Ny voany no hahafantaranareo azy ireo."

95 Te-hiray miaraka isika rehetra, miaraka amin'ny Fanahy Masina. Tokony hiray ny mambra rehetra, ny iray amin'ny hafa. Nararaka manerana ny fontsika ny fitiavan'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Izany no manadio antsika amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. Afaka tamin'ireo zavatr'izao tontolo izao isika. Hoy Jesosy hoe, "Izao no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo, rehefa manana fitiavana ianareo, ny iray ho an'ny iray hafa." Rehefa ny mambra anankiray no tia betsaka an'ilay mambra hafa ka ho faty ho an'izany izy.

96 Rehefa manomboka ny zavatra ratsy iray, ilay izao tontolo izao any ivelany, ho avy ny sasany amin'ireo vehivavy ka hanao hoe, "Ankehitriny, jereo, malala. Ho tsaratsara kokoa ho anao raha toa ianao ka nanao an'*ity*, na nanao an'*itsy*, niakanjo an'*ity*, na nanao an'*itsy*, na nahavita an'*ity*, ary niala lavitra an'io andiana holy-rollers io," na ny sisa tahaka an'izany, tena miray amin'Andriamanitra isika!

97 Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, fakam-panahy mahery iray ilay izy." Fa maty ho an'izany tanjona izany Kristy. Resy ny devoly. Mila fanafahana manontolo isika. Mila fiangonana iray izay madio sy mangarangarana ary tsy mifangaro isika, sy voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry, ka feno ny Fanahy Masina, sy ireo famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]. . .manafaka manontolo ny olona tsirairay. [Elanelana tsy voaraki-peo].

98 Andriamanitra malala, tsy mandray zavatra Ianao raha tsy efa afaka manontolo izany. Tsy afaka maka fanatitra iray misy kilema iray eo aminy Ianao. Tsy handray vavaka iray mihitsy Ianao, izay misy fahotana iray ao ambadiky ny fiainan'io olona io. Tsy afaka manao an'izany fotsiny Ianao, Tompo. Tsy nanao an'izany Ianao tao amin'ireo taona lasa, ary tsy afaka manao an'izany Ianao androany. Fa tsy maintsy tsy misy kilema ilay fanatitra. Tompo Andriamanitra, raha mametraka ny tenanay eo amin'ny alitara izahay, fiainana voatolotra iray, dia esory aminay, O Tompo, ny kilemam-pahotana rehetra. Mametraka

ny fanahiko tanteraka aho, sy ny vatako, sy ny tanjako, ireo ezako, miaraka amin'ity fiangonana ity izao maraina izao, eo amin'ny alitara. Diovy amin'Ny Rànao izahay, ary mamelà anay amin'ny fahotana rehetra izay nataonay. Ary enga anie ilay Fanahy Masina lehibe tena hitoetra betsaka ao anatinay, ka hiaraka aminay avy eto amin'ity tabernakla ity izao maraina izao Ny Fanatrehany, mba hahafantaranay ao anatin'ny tenanay fa namela anay Izy. Amin'izay fotoana izay ilay vavaka dia ho, "Mamelà ny helokay tahaka ny amelanay an'ireo izay meloka taminay." Ekeo izany, Tompo.

99 Aoka Ianao ho akaikinay ankehitriny, tahio izahay ary tehirizo mandra-pihaonanay indray amin'ny fotoana hariva. Enga anie izahay ho tonga miaraka amin'ny tànana mangarangarana sy fo madio iray, mba tsy ho Lavinao, satria mila fanafahana feno sy manontolo amin'ny zavatra rehetra izahay, Tompo, izay hanakana anay tsy ho fahazavan'izao tontolo izao; labozia iray izay mipetraka eo ambonin'ny havoana iray, tsy vata famarana iray no eo amboniny, fa labozia iray izay mipetraka eo ambonin'ny havoana, izay manome hazavana mba hitari-dàlana ny tongotry ny olona ao amin'ny làlana izay marina. Ekeo izany, Ray. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, sy ho an'Ny Voninahiny. Amena.

100 Hangataka an'i Doc aho . . . Heveriko fa iry aoriana iry izy, na ny iray amin'ireo diakona izay manatrika. Mba ahafahan'ny fiangonana hamaky an'ity, Doc, dia avia apetaho eo amin'ny tabilao fametahana afisy ity mba ahafahan'ny fiangonana mahita azy raha mivoaka izy ireo. Ary avy eo Rahalahy Collins, raha eto izy . . . Ato ve Rahalahy Collins? Omeo azy ity hafa ity.

101 Ary, eny àry, tompoko, ary ho hitantsika izay . . . [Mijanona kely Rahalahy Branham ary mamaky naoty iray moramora—Mpand.] Olona iray mila fihaonana manokana ilay izy. Ekena foana izany. Faly isika.

Ary manana an'ireo fihaonana manokana aho. Hitanareo, ny zavatra ataonareo dia ny miantso ny nomeraonay any. Izahay—nanana olana betsaka izahay tany an-trano, fantatry ny fiangonana izany. Ity dia ireo vahiny. Fantatry ny fiangonana ny mikasika an'izany. Tokony hisy silany kely apetraka . . . Izaho dia hangataka an'izany ho voapetraka ato amin'ny fiangonana, ihany koa, ho an'ireo ho avy. Hitanareo, misy betsaka izany, ka tsy afaka hikarakara azy rehetra isika, arakaraky ny hahatongavan'izy ireo amin'ny alàlan'ny nomerao fotsiny. Hitanareo? Ary isika . . . Raha hiantso fotsiny ianareo ny BUtler 2-1-5-1-9, BUtler. [Efa niova ny nomeraon'ny telefona.—Mpand.] Ary ireo mambra rehetra izay mahita olona iray izay mila, dia faly foana aho ny hahita ny olona. Saingy manana rafitra mahazatra izahay. Misy ny sasany efa niantso, maro, hitanareo. Ary maka fotsiny izahay, tsirairay, arak'izay ahatongavanay. Noho izany dia misy . . . Taloha, dia nanana

karazana fanao kisendrasendra fotsiny izahay, tamin'ny fomba rehetra, dinganina, itsambikinana, lasa nody diso fanantenana ny olona sy ny sisa. Ankehitriny dia manana ny zavatra rehetra ao amin'ny lamina mihitsy izy ireo. Ary izany no ezahanay resahana ankehitriny, hitanareo, ny hametraka ny zavatra rehetra ao amin'ny lamina, tanteraka mihitsy.

Ary ho faly aho ny hahita an'ity antokon'olona malala ity, raha hiantso fotsiny izy ireo ny BUtler 2-15-19 (1-5-1-9), ary Atoa. Mercier na Atoa. Goad, ny anankiray, no hamaly ny telefona ka hiteny aminareo marina mihitsy hoe rahoviana ianareo no afaka hahazo fotoam-pihaonana. Manana toerana iray izahay any, misy rivotra mangatsiaka, ary vonona ny handray ny olona sy hivavaka ho azy ireo. Faly fotsiny izahay hanao an'izany.

102 Ankehitriny, ny antony tsy hankanesako any ampiangonana, mihevitra ny olona fa miezaka ny hiala lavitra ny olona aho; tsy izany ilay izy. Miezaka aho ny—ny ho ao amin'ny lamina marina tokoa. Hitanareo? Izany no tiako haha-izy ahy, tsy haneho fankatoavan'olona aho. Ny olona tsirairay, ny olona rehetra, na aiza na aiza, amin'ny fotoana rehetra, hitanareo; ny volon-koditra, ny fanekem-pinoana dia tsy misy idirany amin'izany. Tonga any mihitsy izahay ary mihaona amin'ny olona. Ary raha manana ilaina izy ireo, dia mijanona tsara miaraka amin'Andriamanitra izahay mandra-pivahan'izany. Raha te-hahafantatra zavatra mikasika ny fivoriana izy ireo, mazava ho azy, dia mikarakara an'izany izahay ary mandamina an'izany. Izany dia ny fitarihan'ny Fanahy Masina fotsiny ihany. Ary izany no . . . Tahaka an'izany, heveriko fa ilay izy fotsiny dia, manao ny olona rehetra hitovy marina tokoa izany. Noho izany, tsy misy fankatoavan'olona ilay izy, tsy misy fankatoavana.

103 Nisy olona izay tonga mba hivavahana ve, izao maraina izao, izay narary ka nila hivavahana? Eny àry. Tsy misy.

Noho izany dia ndao isika hihira an'ilay hira tsara ho an'ny . . . ho an'ny fanompoana. Inona no azontsika hiraina izao maraina izao? "Inona no afaka manaisotra ny fahotako?" Hainao ve izany, Teddy? "Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy." Inona no afaka . . .

[Miteny ny amin'ny ramatoa iray izay tena marary ny anabavy iray ao amin'ny fiangonana—Mpand.] Eny àry, tompoko. Te-hivavaka ho azy ve ianareo ankehitriny?

Hivavaka ho an'ilay ramatoa aho. Mametra-tànana eo amin'ity vehivavy eto ity. Hanondrika ny lohanareo miaraka amiko ve ianareo, raha izany, am-pahanginana ankehitriny. [Miala amin'ny fanamafisam-peon'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

104 Andriamanitra malala, misy ramatoa izay tena marary eto. Nanangana ny vatany ny anabavinay, na dia ny hanala

ny homamiadana amin'ny hafa aza, mba hitsangana eo amin'ilay elanelana, ho an'ny hafa. Fa Ianao no nanafaka azy tamin'izany, Tompo, andro vitsivitsy lasa izay, rehefa fantatra ireo zavatra ireo. Avelao fotsiny izy hahita an'izany, ny tenany, amin'izay fotoana izay, Tompo, dia ho fantany fa avy Aminao izany. Mametraka ny tànako eo aminy aho, ary mangataka famindrampo ho an'ilay vehivavy hafa izay tohanany. Enga anie ny fahasoavan'Andriamanitra, ilay Herin'ny Fanahy Masina . . . Raha misy ratsy ao am-ponay, Tompo, dia ambarao aminay izany, aloha, avy eo dia handeha izahay, hanitsy an'izany. Amin'izay fotoana izay dia fantatray fa mahita fitia amin'Andriamanitra izahay, manana fiadanana miaraka amin'Andriamanitra, azonay izay angatahanay, satria tsy manana fanamelohana izahay. Ekeo izany, Tompo. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahako. Amena.

Eny àry. [Miverina eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

Inona no afaka hanasa ny fahotako?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy;
Inona no afaka hanao ahy ho manontolo indray?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

Oh, sarobidy ilay fikoriana
Izay manao ahy ho fotsy toy ny oram-panala;
Tsy misy loharano hafa fantatro,
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

105 Firy no mahatsapa fa eo ambanin'ny Rà ny fahotanareo rehetra? Ndao isika hihira an'izany miaraka amin'ny tànantsika mitsangana ankehitriny.

Inona no afaka hanasa ny fahotako?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy;
Inona no afaka hanao ahy ho manontolo indray?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

Ankehitriny raha mampidina ny tànantsika isika, dia ndao isika handray tànana ny manodidina.

Sarobidy ny . . .

Marina izany, ny manodidina rehetra.

. . . fotsy toy ny oram-panala;
Tsy misy loharano hafa fantatro,
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Amena.

Oh, tena tiako Jesosy,
Oh, tena tiako Je- . . .

Ankehitriny mijanòna miaraka amin'izany, ankehitriny. Ny olona rehetra mifikira amin'Andriamanitra.

Tena tiako Jesosy,
Satria nitia ahy mialoha Izy.
Izaho tsy handao mihitsy . . .

Fanafahana Manontolo Iray MAG59-0712
(A Total Deliverance)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 12 Jolay 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2016 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org